



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana · Tanindrazana · Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-131

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA
LAHARANA-001-2021/PL MIKASIKA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY,
NATOLOTR'ANDRIAMATOA FIAROVANA LOVANIRINA CELESTIN;
SOLOMBAVAMABAHOAKA VOAFIDY TAO BETAFO SY NY NAMANY

Fivoriana Faha-11
Natao ny
Talata 1 Jona 2021
- Maraina -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

**Natao ny
Talata 1 Jona 2021
- Maraina -**

1- Fitohizan'ny fivoriana.....	Pejy 01
2- Famakiana ny tatitra momba ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL, natolotr'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin sy ireo Solombavambahoaka namany.....	01
3- Fanomezam-pitenenana ny Solombavambahoaka.....	04
4- Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL.....	14
5- Fiatoan'ny fivoriana.....	15

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Chritine Harijaona

FOTOANA: Talata 1 Jona 2021, tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL mikasika ny Zom-pirenena Malagasy, natolotr'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Solombavambahoaka voafidy tao Betafo sy ny namany.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantseka.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao. Arahabaina ihany koa ireo olona any ivelany manaraka izao fivoriambe izao.

Ny fanamarihana ny fahatongavantsika dia ho hitantsika ao amin'ny "inscription"-n'ny DSI, hamoaka izany amin'ny fotoana mahamety azy.

Ny fandaharam-potoanantsika izao maraina izao dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL mikasika ny Zom-pirenena Malagasy, natolotr'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Solombavambahoaka voafidy tao Betafo sy ny namany.

Koa iangaviana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera na ny Filohany mba hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera.

- 2 -

- Famakiana ny tatitra momba ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL -

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha.

Mankasitraka Ramatoa Filoha,

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha, nahatratra ny fetin'ny Reny,

Miarahaba ny Solombambahoaka rehetra ary miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Miarahaba ny teknisiana maro manatanteraka izao fivoriana atao amin'ny alalan'ny "visio conférence" izao.

Mankasitraka antsika rehetra koa amin'ity tsingerin-taona nahaterahako ity.

Nivory ny Zoma faha-28 Mey 2021 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny ary ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka nandinika ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL mikasika ny Zom-pirenena Malagasy.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
- RAFENOMANANTSOA Aina
- PEPIN Michou
- RAKOTOMALALA Miarintsoa A.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- EDIZARD
- RABENARY Jean
- RAKOTORAHALAHY Modeste

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Filaminam-bahoaka nanatrika ny fivoriana

Andriamatoa isany:

- NAKANY Charly Zafimagnely
- FIAROVANA Lovanirina Célestin
- RASOLONIAINA Robert
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- RAZAKANDRAINNY Henri Dominique

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Raharaham-bahiny.

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory

Ramatoa sy Andriamatoa isany

1. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
2. RALAMBOMANANA Fenoheryntsoa
3. SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph
4. TSABOTOKAY Honore
5. RAJOELINA Andriami-harimanana Seth
6. MAMIHAJA Charlot
7. MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc
8. RICHARD Tsimahalefy Alexandrine
9. RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisitara nanatrika ny fivoriana
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

RABY SAVATSARAH	SG/MinJUS
RAKOTONDRAJERY R. Salohy Norotiana,	DGAJER/MINJUS
RABEMANANAJARA Harifera Elisa	Directeur des Affaires Juridiques/MAE
RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo	Directeur de la Législation /DELED-MID
RAKOTOZANANY Dany Marius	Directeur Général de la Police Nationale
RABARY Hary Jaona	Directeur des Renseignements et du Contrôle de l'immigration et l'émigration
RANAIVOSON Eldith Esthella	Chef de service de la Législation et des Affaires juridiques de la Police nationale
RAKOTOBÉ Hery Vola Andry	Chef de service de la Surveillance du Territoire

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betafo ny fitenenana.

Nambarany tamin'izany fa ny Hitsivolana laharana faha-60-064 tamin'ny 22 Jolay 1960 no nanaovana ny fehezan-dalàna momba ny Zom-pirenena Malagasy, nasiam-panitsiana izany ny taona 1995, 2003 ary ny taona 2016 kanefa mbola mitazona hatrany ny vetin-kevitra teo aloha. Ilaina noho izany ny fanavaozana ity Hitsivolana ity mba hampifandray ny lalàna velona eto amintsika sy ny fifanarahana iraisam-pirenena.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Maro tamin'ny mpivory no nangataka ny hanemorana ny dinika atao satria zava-dehibe loatra ny zavatra hodinihana ary maro ihany koa ny Solombavambahoaka no mbola tsy namakafaka tsara ny voarakitra ao amin'ny Tolo-dalàna.

Niray feo tamin'izy ireo ihany koa ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta mikasika izany fanemorana izany.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory, ka noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Tapaka tamin'izany, fa hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fivoriana, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana ny fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

- Fanomezam-pitenenana ny Solombavambahoaka -**Ramatoa FILOHA**

Isaorana ianao, Andriamatoa Mpampakateny, nanao an'izay tatitra izay.

Arak'izay voalaza teo izay, tsy tontosa hatramin'ny farany ny asam-baomiera, ka noho izany dia tsy afa-manoatra isika, fa tsy maintsy akisaka na ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana an'ity Tolo-dalàna laharana faha-001-2021/PL «Relative à la Nationalité Malagasy».

Araka ny Fitsipika Anaty mifehy antsika, tokony handalo fandinihana any amin'ny asam-baomiera ity Tolo-dalàna ity, izay vao azontsika andraisana fanapahan-kevitra amin'ny fivoriambe.

Asa raha misy manan-kambara ny Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao, sa efa mazava ny voalazan'ny Mpampakateny teo.

Mangataka fitenenana ny Filohan'ny Vaomiera, ny Solombavambahoaka voafidy tao Betafo Lova FIAROVANA.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Voalohany indrindra, miarahaba anao nahatratra ny fetin'ny Reny. Mirary fahasalamana hatrany ho anao mba hafahanao mitantana ity Andrimpanjakana misy antsika ity ary hotahian'Andriamanitra hatrany anie ianao.

Manarak'izay, manantitra ny arahaba ho an'ny Solombavambahoaka hajaina izay nanao tatitra teo ihany tamin'ny nahatratrarany ny tsingerin-taona nahaterahany androany. Hotahian'Andriamanitra Andriananahary, Tsitoha ianao sy ny ankohonanao.

Miarahaba ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy isika Solombavambahoaka hajaina manatrika etoana.

Miarahaba ihany koa sy manome voninahitra ny solotenan'ny Governemanta manatrika izao fivoriana izao.

Zava-dehibe tokoa ity Tolo-dalàna mikasika ny Zom-pirenena Malagasy ity ary nandaniana fotoana maro ny namolavolana azy. Hitako fotsiny izao, momba ny "forme", tokony mba ho nosoratana tao hatrany ny Vaomieran'ny Mponina satria ao anatin'ny tanteraka izy raha ity Tolo-dalàna ity no jerena kanefa tsy tao izany raha ny tatitra nojerena.

Ny anankiray, misy tsipelina diso: fanovàna tamin'ny taona 2017 no nolazaina tato kanefa ny 2016 no fanovàna nisy; tsara raha ahitsy izay.

Ombako manana ny hevitra efa notapahanay tany amin'ny asam-baomiera hoe: tsara raha ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ity rijan-teny izay manana ny lanjany manokana satria ny Hitsivoana laharana faha-60-064 tamin'ny 22 Jolay 1960 no mbola mifehy ny Zom-pirenena Malagasy, koa asantsika ato amin'ny Antenimierampirenena ny fanaovana Tolo-dalàna satria mifanandrify amin'ny andraikitra omen'ny Lalàmpanorenana antsika izany. Asa izay tokony hataontsika momba ny fanatsarana ny lalàna misy satria mazava ny tiana hahatongavana. Tsy inona izany fa ny fandrindrana araka ny tokony ho izy ny fizakana izay Zom-pirenena Malagasy izay no tanjona.

Amin'ny maha zava-dehibe azy dia notapahanay fa aleo rehefa misy fivoriana amin'ny fotoam-pivoriana manaraka, amin'ny «session ordinaire» izany; mino isika fa efa samy afaka manatrika izany ny rehetra, ka amin'izay fotoana izay isika mandinika azy. Manana fotoana ny tsirairay handinihana azy, hanatsarana ary hanomezana sosokevitra hahafahana misitraka ny atao hoe: Zom-pirenena Malagasy. Hanaporofa fa tena tia tanindrazana tokoa isika mba tsy ho any amin'ny fanasoketana ny fanomezana tany ho an'ny vahiny.

Izay no nanesika anay nanao ity Tolo-dalàna ity. Marihana etoana, fa tsy ny tenako irery akory no nanolotra azy ity, fa ny anarany no amin'ny anarako, fa ahitana ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany, ny Mponina, ny Raharaham-bahiny sy ny Filaminana Anatin'ny ary hita tao koa ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny Vondrona Parlemantera rehetra, toy ny IRD, ny TIM, ny GPR ary ny Tsy miankina. Samy nandray anjara tamin'ny asa namolavolana ity Tolo-dalàna ity daholo ireo rehetra ireo, ka tsy marina mihitsy ny filazana hoe: misy tombotsoa manokana ho ahy ny Tolo-dalàna, kanefa araka ny voalazako teo aloha, fanatsarana ary asantsika Solombavambahoaka tokoa ny manavao sy mampifandrindra izany Tolo-dalàna izany amin'ny zava-misy ankehitriny.

Mankasitraka izahay ary manamafy sy mitaona ny namana rehetra izay mivory eto, mba hanemotra indray ny fandinihana azy ity ary miantso antsika koa mba hanome sosokevitra satria natao hohatsaraina izany, ka anjarantsika no manampy sy mameno ny banga rehetra amin'ity Tolo-dalàna ity.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Filohan'ny Vaomiera nandray ny fitenenana teo.

Mandray fitenenana manaraka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra nanome ny fitenenana, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao sy ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Miarahaba ny namana Solombavambahoaka hajaina.

Miarahaba manokana ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, voafidy tao Ambatolampy nahatratra ny tsirengin-taona nahaterahany. Mirary soa indrindra ho anao, ho lava andro iainana sy ho salama hatrany.

Ny fanamarihana voalohany mikasika ny tatitra izay isaorana ny Solombavambahoaka avy any Ambatolampy nitondra izany teo.

Misy fanamarihana vitsivitsy avy amiko; voalohany, tsy voatonona tao amin'ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitsinjaram-pahefana ny tenako kanefa mpikambana ao amin'io Vaomiera io sady nanatrika ny fivoriana. Ny tenako rahateo no nitarika ny fivoriana, ka mangataka ny hanitsiana an'izay azafady.

Manaraka izay, tao anatin'ny tatitra teo, nisy filazana hoe: tokony hifanaraka amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena no antony nanaovana ny Tolo-dalàna. Tokony hovaina hoe: fifanarahana iraisam-pirenena na “convention internationale”.

Fanamarihana farany, mikasika ny adihevitra nisy nandritra ny asam-baomiera; araka ny fanazavana nentin'ny Solombavambahoakan'i Betafo teo sady manararaotra ny misaotra azy sy izay rehetra namolavola ny Tolo-dalàna. Samy niara-niaiky izy ireo hoe: ilaina ny fanavaozana ny lalàna momba ny Zom-pirenena Malagasy kanefa niara-niaiky koa izy ireo, fa zava-dehibe loatra ny votoantin-kevitra, ka tsara raha halalinina kokoa, akana fotoana, maka saina ary raha ny tsara indrindra aza dia mifanatrika amin'ny hanapahana azy.

Tiako hampiana fotsiny, fa anisan'ny notsindriany mafy koa, fa tokony hisy fampahafantarana sy fakan-kevitra lehibe misokatra ao anatin'ny fandalinana sy fandinihana ity Tolo-dalàna ity. Izany hoe, karazana “campagne de sensibilisation” hakana hevitra sy hifampidinihana amin'ireo firaisa-monim-pirenena ohatra, ireo hery velona rehetra eto amin'ny firenena.

Sady manamafy ny fanapahan-kevitra ny Vaomiera tamin'ny asa izay notontosainay no mbola mamerina ihany koa, fa tena ilaina ny fanavaozana ity Tolo-dalàna ity. Tsara koa isika raha maka fotoana hanaovana fampahafantarana mba tsy ho diso hevitra ny vahoaka Malagasy; satria raha mijery any anaty tambazotra fifandraisana any, raha mihaino fampahalalam-baovao ary raha miresaka amin'olona maro dia diso fandraisana izy ireo, fanankianana no betsaka.

Raha ny fijeriko azy manokana dia fanatsarana no azontsika atao amin'ity Tolo-dalàna ity, Ramatoa Filoha.

Mamerina ny fisaorana sy ny firarian-tsoa ho antsika rehetra.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore tamin'ny fandraisany fitenenana.

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa IDEALSON.

Andriamatoa IDEALSON

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Miarahaba ny Reny Malagasy rehetra nahatratra ny fetin'ny Reny; ao anatin'izany ianareo Solombavambahoaka reny rehetra.

Izao vao afaka mivory satria tratry ny tsy fahasalamana teo, ka ialana tsiny tamin'ny tsy fahatomombanan'ny asa. Tsy afaka nanao ny asam-baomiera momba ny lalàna izahay Filoha, fa ny Filoha Lefitra solotena no nanatontosa izany ary tsapanay fa nisy fiantraikany tamin'ny asantsika tamin'ny nandinihana ity Tolo-dalàna nentin'ny namana Solombavambahoaka ity.

Izahay dia miombon-kevitra amin'ny tapaky ny maro amin'ny tokony hanemorana azy ity satria betsaka ny sosokevitra ary tena mikasika ny vahoaka mihitsy izy ity, mikasika ny fiandrianam-pirenenana, mikasika zavatra maro ary tena anisan'ny lalàna izay andraindrain'ny vahoaka hoe: inona no hevitra hivoaka ato amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, ombako manana ny teny hoe: fakan-kevitra hatao amin'ny rehetra. Marina fa tsy hoe hanao fitsapan-kevi-bahoaka isika, saingy voasolotena ato amin'ny Andrimpanjakana ny vahoaka nifidy Solombavambahoaka. Tsy tokony ho ity no hampisaraka ny Solombavambahoaka ato anatin'ny Andrimpanjakana, fa tokony handeha hosokafana kokoa, hohalavaina kokoa ny fakana ny hevitr'ireo maro an'isa. Eo ihany koa ny hevitr'ireo voasolotena ho vitsy an'isa saingy mety hanatsara ity rijan-tenin-dalàna ity izany, ao koa ny hevitr'ireo mpitondra fivavahana izay Raiamandreny eto amin'ny firenena. Manana ny heviny ny mpitandrina, tokony mba hamaly na tsia amin'ny fandrafetana ny mety ho fanovàna atao amin'ity Tolo-dalàna ity. Tsy lazaina intsony ny fanehoan-kevitra ny tambazotra sy ny vaovao rehetra; izay no manosika ny tenanay hiteny hoe: andao hotapahantsika eto amin'ny fivoriambe, satria teto ihany no nanapahana fa hodinihana ity Tolo-dalàna ity. Mandroso hevitra amin'ny hanapahana ny amin'ny fanemorana azy amin'ny manaraka izahay ary manamafy ny voalazan'ny Kaomisiona niara-nandinika ity Tolo-dalàna ity.

Izay, Ramatoa Filoha no hevitra avy aminay ary ataoko fa tsy misy intsony hevitra mivaona amin'izay hevitra ny Vaomiera. Mandroso hevitra amin'ny hanapahana azy avy hatrany amin'izao fivoriambe izao hoe: ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy ny fandinihana, ka isokafan'ny fandraisana anjaran'ny rehetra, ny fakana hevitra tena mahafapo ary hamalin'ny hetahetan'ny vahoaka Malagasy mikasika ny fizakana ny Zom-pirenena. Ny tena mampatahotra ny olona, tsapa fa maro no tsy mahazo ny votoatin'ny fanovàna. Maro ny olona no mieritreritra, fa misy fanomezana tany mora ho an'ny vahiny sy izay rehetra saro-pady amin'ny vahoaka Malagasy, ka izay no anolorana izay sosokevitra izay, Ramatoa Filoha.

Mankasitraka, indrindra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahoaka IDEALSON tamin'ny fandraisany fitenenana. Mandray fitenenana manaraka Ramatoa MASY Goulamaly.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra.

Miarahaba manokana an-dRamatoa Filoha nahatratra ny fetin'ny Reny amin'ny maha Renin'ny Antenimerampirenena anao.

Sarotra ny tsy hiarahaba, ka miarahaba ihany koa ny vehivavy rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena ary miarahaba ny vehivavy Malagasy rehetra.

Ny nananganako tàmàna teo, Ramatoa Filoha, mazava ny tenin'Andriamatoa IDEALSON teo hoe: tsy tsara raha mikoropaka isika satria ny ahiahy tsy ihavanana. Tokony handanjanja isika hoe: iza no «pour», iza no «contre» amin'ity Tolo-dalàna ity. Marihana koa efa lalàna teo aloha izy ity; hitondra fanitsiana, fanatsarana, fanampiana. Izay no hataontsika. Manampy ny tenako amin'izay resaka fisokafana amin'ny rehetra izay mba tsy hampisaraka antsika, raha ity zavatra ity no jerena, satria araka ny noteneniko teo hoe: ny ahiahy tsy ihavanana. Betsaka ny olona no mivoy hoe: lasa mivarotra tanindrazana ny Solombavambahoaka. Heveriko fa tsy izay loatra no votoatin'ity Tolo-dalàna ity fa tsara raha sokafana ny dinika mba ahafahantsika mandrafitra amin'ny tokony ho izy azy ity.

Ny zavatra angatahako, Ramatoa Filoha dia ny handraisantsika fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihantsika ity Tolo-dalàna ity.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra antsika rehetra nihaino.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahoakan'i Tsihombe nandray fitenenana teo.

Mandray fitenanana manaraka Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenhery Jhonny.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenhery Jhonny

Miarahaba, Ramatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana noho ny fahatratranareo Reny rehetra ny fetin'ny Reny.

Miarahaba anao ihany koa Andriamatoa Mpampakateny noho ny fitsingerenan'ny taona nahaterahanao.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra manatrika izao fivoriana izao.

Fanamarihana kely momba ny tatitra no entiko voalohany; ny tenako koa anisan'ny tonga nivory tamin'io fotoana io, saingy tsy voasoratra sy tsy voantonina tao ny anarako.

Manarak'izay, zava-dehibe tokoa ny fanavaozana ny lalàna izay heverina fa somary efa nilaozan'ny toetr'andro amin'izao fotoana izao kanefa etsy andanin'izay, mila fandinihana lalina ary mila fitandremana satria mikasika ny fiandrianam-pirenena izany. Ny vahoaka mihitsy no resaka eto, ny vahoaka Malagasy rehetra dia mitodika amintsika daholo ny mason'izy ireo raha ity no resahana. Noho izany, miombon-kevitra tamin'ny teny nentin'ny Solombavambahoaka Mpanolotra ny Tolo-dalàna izahay hoe: aleo ahemotra amin'ny fotoam-pivoriana manaraka ny fandinihana an'ity Tolo-dalàna ity satria na ny tenanay koa aza, mbola manana zavatra vitsivitsy tiana hampidirina sy hodinihana amin'ity Tolo-dalàna ity. Izay no teny kely avy amiko, koa mankasitraka, Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambohindratrimo tamin'ny fandraisana fitenenana.

Mandray fitenenana manaraka, Solombavambahoaka voafidy tao Midongy du Sud. Raha mbola sarotrarotra dia omena fitenenana ny avy ao Ambositra.

Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Félicien

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha, nahatratra ny fetin'ny Reny. Mirary soa sy mitondra ambavaka anao ihany koa amin'izao fankalazana ny fetin'ny Reny izao na efa tamin'ny Alahady aza izany.

Eto ampanombohana, misy ny atao hoe tantely amam-bahona ny fiainana, Ramatoa Filoha. Namoy ny Talen'ny Serasera sy ny Kolotsaina izahay eto Ambositra. Mankahery anao, Ramatoa Filoha, satria zanaka an-tranonao ihany Andriamatoa Tale BENJA. Atao ahoana fa izay no anjara, koa mankahery, Ramatoa Filoha; mirary soa ho anao hanana fahasalamana mandritra ny fotoana itantananao sy ny aorian'ny fitantananao an'ity Antenimierampirenena ity.

Ankoatra'izay, nandinika sy nijery an'ity Tolo-dalàna hohatsaraintsika ity izahay ary samy manana ny fomba fijeriny isika rehetra amin'izao fotoana sarotsarotra andalovan'ny firenena izao. Hitantsika ihany ny tsikera mety mahazo ny Filohampirenana amin'ity aretina "covid-19" ity na hita aza fa iraisan'izao tontolo izao izany. Mety hisy olona handray ity Tolo-dalàna ity any amin'ny lafiny hanaratsiana ny fitondrana. Hitantsika any anaty "facebook", betsaka ny miteny hoe: ho hitanay eo ianareo Solombavambahoaka raha tena tia tanindrazana.

Araka ny notenenin'ireo Solombavambahoaka teo aloha, anisan'izany Andriamatoa IDEALSON hoe: aleo ahemotra ny fandinihana azy.

Manaiky izay fanemorana izay ny tenako, Ramatoa Filoha, saingy tokony hijery isika hoe: sao ny Solombavambahoaka any amin'ny Distrika misy azy any mba maka ny hevitra ny vahoaka, mamory azy ireo. Asa raha azon'ny Solombavambahoaka atao, Ramatoa Filoha, ny mamory olona amin'izay mba tena ny feon'ny vahoaka any amin'ny Distrika tokoa na ny sokajon'olona aza no entina rehefa tena hiady hevitra amin'ity Tolo-dalàna ity isika.

Izay angamba, Ramatoa Filoha, no tiako tenenina satria tsy azontsika omena tsiny ny vahoaka satria any amin'ny serasera na fahitalavitra, mety hitsikera antsika tokoa izy ireo. Aza omena tsiny ny vahoaka satria indraindray tokoa tokony ho ny olona homentsika fanatsarana, izy indray no... Raha raisiko ohatra eto Ambositra, misy teratany vahiny manindritsindry vahoaka mandinika. Ny tenako manokana dia miady amin'izany raha aty amin'ny Faritra Ambositra. Tsy maintsy jerentsika tokoa hoe firy taona no niainany teto Madagasikara vao azo omena zom-pirenena Malagasy izy.

Mankasitraka sy mankatelina antsika rehetra.

Manohana ny tenin'ireo Solombavambahoaka namana amin'ny fanemorantsika ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity izahay.

Mankasitraka Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana anao nandray ny fitenenana teo Andriamatoa Solombavambahoaka.
Mandray fitenenana manaraka ny avy ao Nosy Varika, Ramatoa BAOFENO Micheline.

Ramatoa BAOFENO Micheline

Ny voalohan-teny; miarahaba anao, Ramatoa Filoha, amin'izao nahatratrarantsika ny fetin'ny Reny izao. Amin'ny maha Reninay manokana anao dia manolotra firarian-tsoa tanteraka, ho eo ambanin'ny fiahian'ny Tompo mandrakariva anie ianao.

Miarahaba ihany koa ny Solombavambahoaka vehivavy rehetra nahatratra ny fetin'ny Reny.

Miara-miombon'alahelo amin'ny fahalasanan'ny mpiasan'ny haino aman-jery tao Ambositra. Miarahaba ihany koa ny tompon'ny tsingerin-taona nahaterahana teo, Ramatoa Filoha sy isika rehetra izay manatrika izao fivoriana izao.

Hiditra amin'ny votoatin-dresaka aho: marina fa tena zava-dehibe loatra ity resaka mikasika ny "nationalité" ity ary efa betsaka ny hevitra miposaka; ao ny adihevitra isan-karazany any amin'ny tambazotra any. Izaho, Ramatoa Filoha, tena miombon-kevitra tanteraka amin'ny Solombavambahoaka namana rehetra teo amin'ny filazana hoe: aleo ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy. Tokony hiroso amin'izay fanapahan-kevitra izay isika raha azo atao.

Mankasitraka indrindra Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ianao, Ramatoa BAOFENO Micheline, tamin'ny fandraisanao fitenenana teo.
Mandray fitenenana manaraka ny avy any Marolambo, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin

Misaotra betsaka Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; ianareo Solombavambahoaka rehetra namana.

Miarahaba manokana ny Solombavambahoakan'Ambatolampy izay nitsingerina androany ny taona nahaterahany.

Ny andraisako fitenenana dia mitovy amin'ny avy ao Ambositra teo. Tsaratsara kokoa raha maka ny hevitr'ireo vahoaka any amin'ny Distrika isika Solombavambahoaka ary mitondra ireo hevitra ireo eto amin'ny fivoriana. Mialohan'izay anefa, mba tsy hisian'ny fijery vilana na fomba fijery tsy mitovy, tokony hasiana ihany aloha fotoana hidinana any amin'ny Faritra iray manazava hoe: izao no tena votoatin'ity, izao no tena eritreritra ato anatin'ity Tolo-dalàna ity. Aorin'izay vao miverina atỳ amin'ny Antenimierampirenena milaza hoe: izao no tena hevitra nisongadina tamin'ny fakan-kevitra natao tany ifotony.

Faharoa, ao anatin'izao famehana izao, mandalo krizy daholo isika, koa na zavatra kely aza dia mety hahatezitra olona, vao maika fa ity zava-dehibe ity. Aleo mba tsy ao anaty krizy no hanaovana azy, fa rehefa any aoriana any. Tsy mahamaika ity, fa aleo aloha hilamina ny firenena vao miresaka an'ity zavatra ity isika.

Misaotra, Ramatoa Filoha ary miombon-kevitra amin'ny hanemorana azy ny tenako.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahaoka*n'i Marolambo tamin'ny fandraisany fitenenana.*
Ny Solombavambahoaka TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or avy ao Midongy Atsimo, indray izao no omena fitenenana.

Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or

Miarahaba, Ramatoa Filoha.

Miarahaba amin'ny tsingerin-taona nahaterahan'ny Solombavambahoaka namana.

Iray minitra; misaotra antsika rehetra tamin'ny tolo-tàna natao taty Midongy Atsimo noho ny zavatra nitranga teo. Efa miverina amin'ny laoniny amin'izao fotoana izao ny fiainana ary manao ny asany tokoa ny mpitandrofilaminana sy ny Governemanta.

Raha ity Tolo-dalàna ity, ny tenanay dia anisan'ny namolavola azy tokoa. Tonga soa isika rehetra tsy ankanavaka miaraka manatanteraka ny asa ho fanatsarana azy. Fanombohana no natao, koa mino sy manantena isika fa ho tonga amin'ny tanjona tiana hokendrena. Izaho koa dia miombon-kevitra amin'ny fanemorana ny fandinihana azy amin'ny fotoana manaraka.

Mankasitraka Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or tamin'ny fandraisany fitenenana.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Mandoto.

Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha, nahatratra ny fetin'ny Reny.

Miarahaba ny namana vehivavy rehetra ao amin'ny Antenimierampirenena; samia hotahian'Andriamanitra daholo.

Izaho koa dia miombon-kevitra amin'ireo namana rehetra teo amin'ny hanemorana ny fandinihana azy satria zava-dehibe loatra izany resaka «nationalité» izany; indrindra fa hoe omena «nationalité» Malagasy ny vahiny. Aleo hodinihana tsara fa tsy mora io zavatra io. Aleo ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy ny fandaniana ity Tolo-dàlana ity.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Isaorana Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste voafidy tao Mandoto.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Beroroha.

Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anao nahatratra ny fetin'ny Reny.

Miarahaba ny Solombavambahoaka vehivavy rehetra sy ny mpiara-miasa rehetra.

Miarahaba manokana an'Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, amin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany androany.

Miarahaba an'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin nandray andraikitra tamin'ny fitantanana ity Tolo-dàlana ity.

Miombon-kevitra amin'ny rehetra amin'ny fanemorana azy koa aho kanefa tokony hojerentsika, fa zava-dehibe loatra amin'ny aim-pirenena izany resaka «nationalité» izany.

Betsaka ny olona miandrindra antsika satria hitantsika fa azo lazaina hoe lany daty ny Lalàna teo aloha satria efa ela ny «code de la nationalité»-ntsika ka mila fanitsiana sy fanatsarana. Koa raha izay zavatra tonga ato amintsika dia hanemotra; ataoko angamba fa tsy mety izany. Mila jerena haingana, ampitoniana, ao koa ny fandraisan'anjaran'ny besinimaro amin'ny fomba hanatenterahana azy satria mbola betsaka ny zavatra tsy ampy ao aminy, ka tsy tokony hiandrasana «génération» hafa vao nandray andraikitra isika.

Amin'ny fivoriana manaraka, mety efa tokony ho fotoana hijerena azy amin'izay ity zavatra ity. Samy mba mijery akaiky azy io isika satria zava-dehibe ho an'ny firenena. Maro ireo olona mbola sahirana amin'io, toy ireto «apatridie» izay tsy manana «nationalité». Tsy fantatra hoe aiza no toerana misy azy, ka tokony hodinihantsika ihany.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Isaorana Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely tamin'ny fandraisany fitenenana.

Mandray fitenenana manaraka, ny Solombavambahoaka voafidy tao Mandritsara.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba anao nahatratra ny fetin'ny Reny sy ireo vehivavy parlemantera rehetra koa.

Ny avy atỳ Mandritsara dia mankasitraka ny hevity ny namana teo aloha amin'ny hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dàlana ity satria zava-dehibe ho an'ny firenena loatra.

Maro ny olona efa nanontany hoe: manao ahoana ny hevity ny Solombavambahoaka amin'ity zavatra ity. Ny dikan'izay, mila maka ny hevity ny besinimaro isika mba ahafahana mamolavola miaraka an'ity Tolo-dàlana momba ny «nationalité» Malagasy ity. Ny any ivelany amin'izao, hitantsika fa efa mihasarotra ny maka «nationalité»; raha tsy hiteny afa-tsy any Frantsa fotsiny aho. Midika izany fa isika dia afaka maka ny hevity ny maro ary hamolavola azy avy eo.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mankasitraka anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra.

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier tamin'ny fandraisany fitenenana nataony.

Mandray fitenenana manaraka, Andriamatoa RAMENASON Rio Merci.

Andriamatoa RAMENASON Rio Merci

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy isika Solombavambahoaka namana sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tonga manatrika izao fivoriana izao.

Mankasitraka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Kaomisiona koa ny tenako amin'ny tokony hanemorana ny fandinihana ity Tolo-dalàna ity, Ramatoa Filoha.

Etsy ankilany, fantatsika anefa fa aty Antsiranana, «c'est la ville la plus cosmopolite de Madagascar». Zava-dehibe loatra ny fanomezana «nationalité».

Etsy andaniny, Ramatoa Filoha, sahiran-tsaina ny maro ary manahiran-tsaina anay Solombavambahoaka koa izany satria lasa kolikoly ny fahazoana «nationalité» sy «passeport» Malagasy. Amin'izao fotoana izao, sahiko ny milaza fa misy olona lany vola hatrany amin'ny «3 Millions Fmg, 15 Millions Fmg, 30 Millions Fmg» mba hahazoana «nationalité» sy «passeport» Malagasy. Mampalahelo loatra izany, ka tokony hodinihana tsara.

Mbola manamafy ny tenin'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo hoe: tokony tsy avela ela loatra ity resaka ity, fa lasa fitadiavam-bola ho an' ny sasany.

Manamafy izahay fa tokony hahemotra ny fandaniana azy ity kanefa amin'izay fotoana izay, tokony hojerentsika ireo Nosy rahavavy; izany hoe, ireo Nosy manakaiky antsika, tahaka an'i «Comores, Mayotte» izay efa manana zanatany vahiny efa nipetraka ela teto amintsika ny raibeny, teto ny fianakaviany iray manontolo no nonina hatramin'izay, kanefa sahirana amin'ny fahazoana «nationalité» Malagasy. Tokony hojerena manokana ireny Nosy rahavavy ireny raha azo atao.

Misaotra antsika nihaino.

Ramatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka avy any Antsiranana.

Mandray fitenena manaraka, ny Solombavambahoaka avy any Ankazoabo.

Andriamatoa PEPIN MICHOU

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha, salama lalandava.

Mandeha ny fotoana, Ramatoa Filoha; efa tapaky ny besinimaro hoe ahemotra amin'ny manaraka ny handinihana azy, satria raha mihaino isika, saika zavatra mitovy daholo no notenenin'ny namana rehetra teo.

Ramatoa FILOHA

Isaorana ianao Andriamatoa Solombavambahoaka.
Mandray fitenenana farany Antsirabe II.

Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Miarahaba, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao nahatratra ny fetin'ny Reny.
Miarahaba ny vehivavy Parlemantera rehetra.
Mbola tsy tara angamba ny fiarahabana, mirary soa ho an'ny Reny rehetra amin'ny asa sy ny adidy amanan'andraikitra sahanin'izy ireo tsirairay avy.

Anisan'ny nanehoako hevitra farany teo ny hoe miray hina amin'ny Solombavambahoaka rehetra ny tenako amin'ny fanemorana an'ity Tolo-dalàna ity.
Zava-dehibe ho an'ny firenena ny Làlana tahaka izao ary raha ny fandraisana fanapahan-kevitra dia tokony hodinihana lalina, indrindra ho an'ny fakan-kevitra rehetra any ifotony.
Manaiky ny fandaminana rehetra momba ny fanemorana azy ity ny tenako.

Mankasitraka antsika rehetra.

- 4 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hanemorana ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL -

Ramatoa FILOHA

Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsirabe II tamin'ny fandraisam-pitenenany teo.

Hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isika izao satria tsy misy handray fitenenana intsony.

Hanangan-tanàna isika hoe iza no manaiky fa ahemotra amin'ny manaraka ny fandinihana ity Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL ity.

Mangataka ny avy ao amin'ny DSI aloha mba hanome ny isan'ny Solombavambahoaka tonga sy mandray anjara amin'ity fivoriana ity.

Ny Solombavambahoaka tonga nivory, miisa 44.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 26 no nanaiky fa ahemotra, Solombavambahoaka miisa 3 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Ambarako fa ahemotra amin'ny fivoriana ara-potoana manaraka ny fandinihana ny Tolo-dalàna laharana-001-2021/PL mikasika ny Zom-pirenena Malagasy ity.

Tompokolahy sy Tompokovavy, taorian'ny fandanihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/R "tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en télécommunication» dia iangaviana ny Vondrona Parlemantera tsirairay mba hanolotra ny anaran'ny mpikambana handrafitra izany Kaomisiona izany.

Azontsika aterina na alefa eo anivon'ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena izany.

Araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy mihoatra ny 15 ny isan'ny mpikambana ary manaraka ny fomba fitsinjarana ny mpikambana isaky ny Vondrona Parlemantera tsirairay no ampiasaina amin'ny fanendrena ny olona ho mpikambana amin'izany Vaomiera mpanao fanadihadiana izany; ka toy izao ny fitsinjarana ny mpikambana ao aminy: 10 avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD, 2 avy ao amin'ny Vondrona Parlemantera TIM, 2 avy ao amin'ny Vondrona Parlemantera GPR ary 1 avy amin'ny tsy ao anatin'ny Vondrona.

Rehefa feno ny isan'ny mpikambana dia mivory izy ireo manangana ny Birao: ny Filoha, ny Filoha Lefitra miisa roa, ny Mpampakateny, ny Mpampakateny Lefitra ary ireo Sekretera roa.

Etoana dia tiako ny mampahatsiahy antsika Solombavambahoaka vaovao, fa araka ny Andininy faha-46, andalana farany ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, milaza fa ny Solombavambahoaka rehetra dia tsy maintsy miditra ao anaty Vaomiera telo ary ny Kaomisiona iray dia ahitana mpikambana 15 farafahakeliny ary 25 farafahabetsany.

Ampatsiahivina izany ireo Solombavambahoaka vao tonga, mpisolotoerana fa tokony hiditra ao amin'ny Kaomisiona izay tiany.

Entanina ny Solombavambahoaka mba hiditra, indrindra amin'ireo Kaomisiona izay hita fa mbola vitsy ny mpikambana ao aminy.

Miangavy ny Filohan'ny Kaomisiona tsirairay mba hijery sy handamina ny mpikambana ao anatin'ny Kaomisiona izay tarihin'ny sy mba hanaraka ny fepetra rehetra tokony hatao.

- 5 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, koa satria tsy manan-kolazaina intsony ny mpivory ka hiato ny fivoriantanika.

Eto ampamaranana tiako ny mampahafantatra antsika fa rahampitso Alarobia 2 Jona 2021, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Marihana fa hatao amin'ny alalan'ny «visio conférence» izany fivoriana izany.

Miato hatreto ny fivoriantanika.

Misaotra Tompokolahy
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona